

VOLY MIADY AMIN'NY FIOVAN'NY TOETRANDRO SY MANAMPY AMIN'NY FANJARIANTSAKAFO

## Manerana an'i Madagasikara

# Teknolojian'ny fanondraham-boly madinika (FBM)



Inty torolalana ara-teknika inty dia nalaina avy amin'ny torolalana novokarin'ny AVSF vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny AMADESE, PATRAKALA, izay novatsian'ny AFD, ary nohatsarain'ny TFNAC/FAO avy amin'ny alalan'ny famatsian'ny USAID tamin'ny fijerena manokana ny lafin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fajariantsakafo sy ny miralenta.

Inty torolalana inty dia mikendry manokana ny faritra rehetra eto Madagasikara ary notsoahina avy amin'ny traikefa hita sy azo tamin'iny faritra Analamanga sy ireo faritra maro hafa nanatontosana ny andrana.

**Zava-misy amin'ny ankapobeny**

- Mizaka ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro.
- Mihasimba hatrany ary haingana ny tontolo iainana.
- Mitombo ny tahan'ireo tokantrano tratry ny tsy fanjariantsakafo sy ny tsy fahampiana ara-tsakafo















**Tanjon'ny toro-lalana ara-teknika:**

- Hampitana ireo singa fototra mahakasika ny teknolojian'ny FBM
- Hampihenana ny faharefoana amin'ny fihatraikan'ny fiovan'ny toetrandro
- Hizarana ireo tombontsoa mahakasika ny FBM
- Hahafantarana ireo mampihavaka ny fitaovana FBM, ireo karazany sy ny fomba fiasan'ny fitaovana tsirairay
- Hampihenana ny fotoana fanondrahana izay mandany fotoana be ny tokan-trano indrindra ny vehivavy

**Tsy mifanaraka intsony amin'ireo zava-misy ireo ny fomba fambolena mahazatra amin'izao fotoana izao (ohatra ny fomba fanondrahana legioma tsotra sy mahazatra) → Anisan'ny vahaolana iatrehana izany ny fampiasana ny teknolojian'ny fanondraham-boly madinika (FBM).**








# Teknolojian'ny fanondraham-boly madinika (FBM)

- Fikambanana teknolojia sy fitaovana ary fomba entina anondrahana velaran-tany kely ambolena amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny angovo sy ny rano.
- Ampiasaina amin'ny velaran-tany kely : tsy voafaritra loatra fa amin'ny ankapobeny dia 20 m², 50 m²,...1000 m², ... fa tsy ampiasaina loatra amin'ny tany lehibe (2 ha, 5 ha,...)
- Misy karazana teknolojia roa :
    A. fanondrahana mitsitaitaika
    B. fanondrahana mampiasa paompy madinika

## A. Fanondrahana mitsitaitaika

### Famaritana sy kisary maneho ny teknolojia

Teknolojia mampiasa fitoeran-drano sy fantsona samihafa mitondra ny rano eny amin'ny fakan'ny voly amin'ny fatra kely ary miadana dia miadana (goutte à goutte).




### Ireo dingana fametrahana azy (ohatra : fampiasana azy amin'ny fambolena legioma)


#### 1- Fanomanana ny tany




#### 2- Fametrahana ny maroloharano




#### 3- Famafazana latsa-boa na famindrana zana-boly




#### Modely karazam-pitaovana azo asiana rano



Kitapo gony



Kitapon-drano labasy


Daba mifandray


Barika plastika

| Karazana | Kitapo gony | Kitapo labasy | Daba mifandray | Barika plastika |
|---|---|---|---|---|
| Hadiry | 140 litatra | 200 – 250 litatra | Miankina amin'ny isan'ny daba atambatra | 250 litatra |
| Faharetana | 6 volana | + 5 taona | + 10 taona | + 20 taona |

## B. Fanondrahana mampiasa paompy madinika

Teknolojia mampiasa fomba fitrohana sy fitarihan-drano amin’ny faritra iray izay tiana ho tondrahana.

**Angovo :** solika, rivotra, masoandro, herin’aratra, olona

**Fomba fitrohana :** mitsoboka anaty rano na ety ivelany

**Karazany :** mitroka fotsiny na sady mitroka no manosika





## Fanamarihana vitsivitsy

**Miova arakaraky ny karazana kitapon-drano ampiasaina ny vidiny**

**Ny vidin’ny fanamboarana ny maroloharano dia miova arakaraky ny karazam-pitaovana**

- tany marindrano mora kokoa raha ohariana amin’ny tany misolampy
- mora kokoa ny an’ny voly mahalana mihoatra ny an’ny voly mifanety

**Ny fiparitahan’ny hamandoana (bulbe) dia miankina amin’ny**

- karazana sy toetry ny tany
- habetsahan-drano mivoaka amin’ny loharano
- Fatran’ny hamandoan’ny tany talohan’ny fanondrahana
- habetsahan-drano anondrahana



**Ny fiparitahan’ny rano ao anatin’ny tany dia miankina amin’ny fotoana hanondrahana**

**Ny habetsahan’ny rano mivoaka dia miankina amin’ny**

- hahavon’ny kitapon-drano
- famahana sy fanidiana ny hidin-drano kely sy lehibe
- vohon-tany (marin-drano, misolampy)
- haben’ny fantsona
- halavitana amin’ny kitapon-drano
- fahadiovan’ny rano



**Ny hatetiky ny fanondrahana sy ny habetsahan-drano entina dia miankina amin’ny**

- toetry ny tany (maina/mando)
- karazan-tany (fasihana, be nofon-tany,…)




**Ny habetsahan’ny rano anondrahana dia miankina amin’ny**

- mombamomba ny zavamaniry (tanjaka, fitombo,  fahasalamana)
- toe-toetry ny zavamaniry (kely, lehibe)
- karazana zavamaniry (samihafa ny filàna ara-drano)
- hamandon’ny tany alohan’ny anondrahana
- karazan-tany (fasihana, tany ditra,…)

# Ny tombontsoa mety ho azo avy amin'ny FBM na SMI

## Mitsitsy ny fampiasan-drano, mampihena ny fahaverezan'ny rano eny ampototry ny voly









11,7 m3

53%

Miady amin'ny fiovan'ny toetrandro (fitsitsiana ny rano) ary mampihena ny fotoana lany refa maina ny andro na tara ny orana

## Mampihena ny fotoana lany, na ny havizanana amin'ny fanondrahana









65 heures

38%

Mampihena ny havizanana sy ny fotoana lany amin'ny fitaomana rano (lehilahy), fanondrahana (vehivavy)

## Mampihena ny aretin'ny voly









5 100 AR

88%

Manatsara ny kalitaon'ny voly, mampihena ny vola lany ho an'ny tokan-trano amin'ny ady amin'ny aretina

## Mampiakatra ny vokatra









114 kg

41%

Manatsara ny fanjarian-tsakafo (mampitombo ny vokatra sy ny karazan-tsakafo)

## Manatsara ny vola miditra




85 646 AR

108%

Manatsara ny fidiram-bola ary mampihena koa ny faharefoana eo anivon'ny tokan-trano

Mpiara-miombona antoka : Patrakala – rapprocher l'homme et la nature; A.MA.D.E.S.E.

Mpamatsy vola : AFD; USAID – FROM THE AMERICAN PEOPLE